**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n° 2005-011

autorisant la ratification de l'Accord de crédit conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au Second Projet d'Appui au Secteur Santé (CRESAN-2)

## EXPOSE DES MOTIFS

Pour compléter le financement initial du Projet d'Appui au Secteur de la Santé CRESAN-2, le Gouvernement malgache a obtenu de l'Association Internationale de Développement, un crédit supplémentaire d'un montant de 12.300.000 DTS, soit environ 18.000.000 de dollars, soit environ 36.500.000 000 ARIARY.

Ledit financement constitue une contribution à l'appui à la réalisation des activités de renforcement et d'amélioration du secteur Santé.

**Composantes du projet** :

i) Construction ou réhabilitation des infrastructures sanitaires ;
ii) Programme de lutte contre les maladies infectieuses transmissibles ;
iii) Services de santé de la Reproduction et de Planification familiale ;
iv) Services de nutrition infantile ;
v) Renforcement des capacités institutionnelles.

**Conditions financières**

- **Montant** : 12.300.000 DTS, soit environ 18.000.000 USD soit environ 36 500 000 000 ARIARY.

- **Remboursement du principal :** par échéances semestrielles payables le 1er avril et le 1er octobre à compter du 1er octobre 2015, la dernière échéance étant le 1er avril 2045 ;

Chaque échéance, jusqu'à celle du 1er avril 2025 comprise est égale à 1% dudit principal, chaque échéance postérieure est égale à 2% dudit

principal.

- **Commissions d'engagement :** à un taux fixé par l'Association, ne dépassant pas 0,50% l'an sur le principal du crédit non retiré commençant à courir 60 jours après la signature de l'Accord de crédit.

- **Commissions de service** : à un taux égal à 0,75% l'an sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution « la ratification ou l'approbation des traités… qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n° 2005-011

autorisant la ratification de l'Accord de crédit conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au Second Projet d'Appui au Secteur Santé (CRESAN-2)

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 25 juillet 2005 et du 26 juillet 2005, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier**- Est autorisée la ratification de l'Accord de crédit conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au Second Projet d'Appui au Secteur Santé (CRESAN-2), d'un montant de DOUZE MILLIONS TROIS CENT MILLE (12.300.000) DTS, soit environ DIX HUIT MILLIONS (18.000.000) de DOLLARS, soit environ TRENTE SIX MILLIARDS CINQ CENT MILLIONS (36.500.000.000) ARIARY.

**Article 2**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 26 juillet 2005**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**LAHINIRIKO Jean**

**LE PRESIDENT DU SENAT**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-015/2005 tamin'ny 29 jona 2005**

**anomezan-dàlana ny Fankatoavana Fifanarahana Fampisamboram-bola ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana mikasika ny Tetikasa Faharoa Fanohanana ny Sehatry ny Fahasalamana (CRESAN-2)**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ho famenon'ny famatsiam-bola tany am-boalohany ny Tetikasa Fanohanana ny sehatra momba ny Fahasalamana CRESAN-2, ny Governemanta malagasy dia nahazo avy tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana, Fampisamboram-bola fanampiny mitetinà 12.300.000 DTS, izany hoe 18.000.000 Dollars eo ho eo, izany hoe 36.500.000.000 ARIARY eo ho eo.

Izany famatsiam-bola izany dia zary fandraisana anjara amin'ny fanohanana ny fanatanterahana ny asa fanamafisana sy fanatsarana ny sehatra momba ny Fahasalamana.

**Ny ao anatin'ny tetikasa**

i. fanamboarana na fanarenana ny fotodrafitr'asa momba ny fahasalamana ;
ii. fandaharan'asa iadiana amin'ny fihanaky ny areti-mifindra ;
iii. sampan-draharaha momba ny fahasalamana mikasika ny Fampitomboan-taranaka sy ny Fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ;
iv. sampan-draharaha momba ny fanomezana sakafo ny zaza ;
v. fanamafisana ny fahafaha-miasan'ny andrim-pitondrana.

**Fepetra momba ny fitantanam-bola**

- **Habetsahany** **:** 12.300.000 DTS , izany hoe 18.000.000 USD eo ho eo, izany hoe 36.500.000.000 ARIARY eo ho eo

- **Famerenana ny fototry ny vola nosamborina :** isaky ny fe-potoana enim-bolana aloa ny 01 aprily sy ny 01 oktobra 2015, ka ny fe-potoana farany dia ny 01 aprily

2045 ;

Ny fe-potoana tsirairay, hatramin'ny manomboka eo amin'ny 01 aprily 2025 dia mira amin'ny 1% amin'ny fototry ny vola nosamborina, ny fe-potoana tsirairay aty aoriana dia mira amin'ny 2% amin'io fototry ny vola nosamborina io.

- **Saram-panefana :** amin'ny taha noferan'ny Fikambanana, ka tsy mihoatra ny 0,50% isan-taona amin'ny fototry ny vola nosamborina tsy nosintonina manomboka 60 andro aorian'ny nanaovana sonia ny Fifanarahana fampisamboram-bola.
- **Saram-pisahanan-draharaha :** amin'ny taha mira ho 0,75 % isan-taona amin'ny fototry ny vola nosamborina nosintonina kanefa mbola tsy voaverina.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82, paragrafy VIII amin'ny Lalàmpanorenana "tsy maintsy lalàna no anomezan-dalana ny fankatoavana na ny fanekena ny fifanekem-piavanana ... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana".

Izany sy izany, no anton'izao Volavolan-dalàna izao.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana- Fahafahana- Fandrosoana***

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-015/2005 tamin'ny 29 jona 2005**

anomezan-dàlana ny Fankatoavana Fifanarahana Fampisamboram-bola ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana mikasika ny Tetikasa Faharoa Fanohanana ny Sehatry ny Fahasalamana (CRESAN-2)

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-…………, izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**- Omen-dàlana ny Fankatoavana Fifanarahana Fampisamboram-bola ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana mikasika ny Tetikasa Faharoa Fanohanana ny Sehatry ny Fahasalamana (CRESAN-2), izay mitentina TELO HETSY SY ROA AMBINIFOLO TAPITRISA (12 300 000) DTS, NA VALO AMBINIFOLO TAPITRISA (18 000 000) DOLLARS, na DIMANJATO SY ENINA ARIVO SY TELO ALINA TAPITRISA (36 500 000 000) ARIARY.

**And.2**- Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika. Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha-**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

Dikan-tenin'ny rijan-teny amin'ny teny anglisy matoan-tsoratra
**Izay hany tokana itokiana**

Departemanta ara-dalàna
Volavolan-tetikasa manana endrika tsiambaratelo
(Raha tsy hoe misy fanovàna)
R.Soopramanien/J.C de Darwar
20 mey 2005

**FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3302-1-MAG**
(Soso-panovàna)

**FIFANEKENA MOMBA NY SOSO-PANOVANA**
**AMIN'NY FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA**
**HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA**

(Tetikasa Faharoa ho Fanohanana ny Sehatra momba ny Fahasalamana-CRESAN-2)

Ifanaovan'ny

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

sy

NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA
HO AN'NY FAMPANDROSOANA

Tamin'ny _______________ 2005
**FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3302-1-MAG**
(Soso-panovàna)

FIFANEKENA MOMBA NY SOSO-PANOVANA AMIN'NY FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

FIFANEKENA, tamin'ny ____________ 2005 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA (ny Mpisambotra) sy ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY FAMPANDROSOANA (ny Fikambanana)

SATRIA

(A) Ny Mpisambotra sy ny Fikambanana dia nanao Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana. (Tetikasa Faharoa ho Fanohanana ny Sehatra momba ny Fahasalamana, Fampisamboram-bola laharana faha-3302-MAG, tamin'ny 03 febroary 2000 (ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana), mba hanomezana fanampiana amin'ny fanatontosana ny Tetikasa Faharoa ho Fanohanana ny Sehatra momba ny Fahasalamana, toy izay voafaritra ao amin'ny Fampandriana an-tsoratra ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (ny Tetikasa) ;

(B) Ny Mpisambotra dia nangataka tamin'ny Fikambanana mba hanome ankoatr'izany ny fanampiana fanampiny mba hanohanana ny Tetikasa amin'ny fampitombona ny habetsahan'ny vola nomena ampiasaina araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana amin'ny alalan'ny vola vahiny samihafa mitovy sanda amin'ny telo hetsy sy roa ambin'ny folo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (12.300.00 DTS) ; ary

SATRIA ny Fikambanana nanaiky, ankoatr'izay, mifototra amin'izay voalaza teo aloha, hanome io fanampiana fanampiny io ho an'ny Mpisambotra araka ny filaza sy ny fepetra ao amin'ity Fifanekena ity ;

NOHO IREO ANTONY IREO, dia nifanaiky ny amin'izao manaraka izao, ny andaniny sy ankilany amin'ity Fifanekena ity :

**ANDININY VOALOHANY**

Ireo soso-panovàna amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana

Sokajy 1.01 -Ny Sokajy 1.02 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia sosohana fanovàna

(a) amin'ny fampidirana araka ny filaharan'ny litera amin'ny ny abidia avy ireto paragrafy (a), (d), (i) ary (o) manaraka ireto ; ny paragrafy (a) sy (b), (c) hatramin'ny (f), (g) hatramin'ny (k) ary (l) hatramin'ny (p) efa nisy dia omen-daharana indray noho izany ka atao paragrafy (b) sy (c), (e) hatramin'ny (h), (j) hatramin'ny (n), ary (p) hatramin'ny (t), toy izao avy :

(a) « Fifanekena soso-panovàna » dia ny fifanekena izay manova ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (Tetikasa Fanohanana ny sehatra momba ny Fahasalamana 2) ifanaovan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana,
tamin'ny __________ ;

(d) « Distrika » dia ny zana-dafin-draharaha ara-panjakana eo amin'ny tanin'ny Mpisambotra ;

(i) « Drafitra mikasika ny Fako avy amin'ny Fitsaboana » dia ny drafitra ho an'ireo fako avy amin'ny fitsaboana, tamin'ny Marsa 2002, novolavolain'ny Mpisambotra sy manome ny antsipirian'ireo fepetra heverina fa ilaina na mifanentana mba hiantohana ny fikarakarana tsy ahitan-doza ireo fako avy amin'ny fitsaboana araka ny Tetikasa ;

(o) «Faritra » dia ny zana-dafin-draharaha ara-panjakana eo amin'ny tanin'ny Mpisambotra ;

**(b)**izay manova ny paragrafy (n) nomen-daharana indray toy io ihany ka vakiana toy izao manaraka izao :

(n) « Bokikely ho amin'ny Fampandehanana ny Tetik'asa/MMP » mitsiahy ny bokikely mamaritra ny paika arahina momba ny tatitra sy ny fizohina ny Tetik'asa, ny planina sy fepetra hafa ho fampandehanana (ka ao anatin'izany ny fepetra fahazoana sy famoahana ary manoritra manokana ireo tondrom-pamantaram-pahombiazana hampiasaina ho amin'ny fanombanana ny fandrosoana hita soritra tamin'ny fanatontosana ny Tetik'asa, toy ilay azo anaovana soso-panovana tsindraindray, ary io fepetra io dia mahafaoka ny fandaharan'asa rehetra sy fifanarahana fanampiny amin'ny Bokikely ho amin'ny fampandehanana ny Tetik'asa ;

**Sokajy 1.02 - Sosoham-panovàna ny Sokajy 2.01 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana ary**

**vakiana toy izao manaraka izao :**

Sokajy 2.01 Ny Fikambanana dia manaiky ny hampisambotra ny Mpisambotra, araka ny teny sy ny fepetra naroso na ireo izay voalaza ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoan, vola amin'ny vola vahiny samihafa, mitetinà mitovy amin'ny telo hetsy sy iray amby efapolo Droits de Tirage Spéciaux (41.300.000 DTS) (ny vola samborina), ahitàna : (a) habetsahana fototra amin'ny vola vahiny samihafa mitetinà mitovy amin'ny sivy amby roapolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (29.000.000 DTS) (ny Famatsiam-bola am-boalohany) ; sy (b) ny habetsahany fanampiny amin'ny vola vahiny samihafa mitetinà mitovy amin'ny telo hetsy sy roa ambin'ny folo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (12.300.000 DTS) (ny Famatsiam-bola fanampiny).

Sokajy 1.03 - Ampiana fameperana ifanarahana eo amin'ny faran'ny Sokajy 2.04(b) (i) amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, izay vakina toy izao manaraka izao :

Na izany aza anefa raha toa ny zo firotsahana saram-pirotsahana amin'ny Famatsiam-bola fanampiny ka mivangongo manomboka ny vaninandro enimpolo (60) andro aorian'ny vaninandro entin'ny Fifanekena momba ny Soso-panovàna ;

Sokajy 1.04 - Sosoham-panovana izay vakina toy izao manaraka izao ny Sokajy 2.07(a) amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana :

Sokajy 2.07(a) - Na dia eo aza ny paragrafy (b) sy (c) etsy ambony, Ny Mpisambotra dia handoa indray ny tena habetsahan'ny vola ao amin'ny Fampisamboram-bola toy izao manaraka izao :

(i) ho an'ny Famatsiam-bola tany am-piandohana, amin'ny fandrotsaham-bola isan-tapa-taona aloa isaky ny 01 aprily sy 01 oktobra, manomboka ny 01 aprily 2010 ka hifarana ny 01 oktobra 2039. Ny fandrotsaham-bola tsirairay amin'izany, ka ao anatin'izany ny fandrotsaham-bola aloa ny 01 oktobra 2019, dia ho iray isan-jato (1%) amin'io vola fototra io, ary ny fandrotsaham-bola tsirairay manaraka dia ho roa isan-jato (2%) amin'io vola fototra io ;

(ii) ho an'ny Famatsiam-bola fanampiny amin'ny fandrotsaham-bola isan-tapa-taona aloa isaky ny 01 aprily sy 01 oktobra, ka manomboka ny 01 oktobra 2015 ary hifarana ny 01 aprily 2045. Ny fandrotsaham-bola tsirairay amin'izany, ka ao anatiny ny fandrotsaham-bola aloa ny 01 aprily 2025, dia ho iray isan-jato (1%) amin'ny vola fototra, ary ny fandrotsaham-bola tsirairay aty aoriana dia ho roa isan-jato (2%) amin'io vola fototra io.

Sokajy 1.05 - Avaozina araka izao manaraka izao ny Tovana 1 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana :

(a) amin'ny fanaovana soso-panovana ny tabilao ao amin'ny paragrafy 1 ao aminy ho vakiana toy izay voalazan'ny Tovana 1 amin'izao Fifanekena momba ny soso-panovana izao ;

(b) amin'ny fampidirana araka ny laharana abidia sahaza izany, ao amin'ny paragrafy 2 ao aminy, paragrafy iray voaovao (e) vakiana toy izao manaraka izao :

(e) ny tany « Loloha amin'ny Fanaovan-draharahan'ny Faritra sy ny Distrika » dia midika « loloha amin'ny fanaovan-draharaha iandraiketan'ny, na amin'ny anaran'ny Faritra iray na Distrika iray »,

Sokajy 1.06. Ny Tovona 3 amin'ny Fifanarahana momba ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia nososohana fanovana ao amin'ny paragrafy 6 amin'ny Fizarana C amin'ny Sokajy 1 raiketiny dia vakiana toy izao manaraka izao :

6- Fahazoana amin'ny alalan'ireo Masoivoho ao amin'ny Firenena Mikambana
Ny fanafody, ny fampiasa, ny fanafody famonoana bibikely, ny fiarakodia ary ny fitaovana tombanana manontolo hatramin'ny 10.000.000 $ , dia mety azo avy amin'ny « UNIPAC », ny « IAPSO », ny Tahirimbolan'ny Firenena Mikambana momba ny Mponina na ny OMS, ary sakafo ho an'ny zaza tombanana manontolo ho 670.000$ dia mety azo avy any amin'ny UNICEF, izany rehetra izany dia mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.9 ao amin'ny Torolàlana

Sokajy 1.07. Ny tovona 4 amin'ny Fifanarahana momba ny fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia ovana ny soso-panovan'ny paragrafy 1 ao aminy ka vakiana toy izao manaraka izao :

1. Ny Mpindram-bola dia hanatanteraka ny Tetikasa araka ny fombafomba natolotra ao amin'ny MMP sy ny Drafitra mikasika ny fako avy amin'ny fitsaboana, ary, raha tsy fifanarahana mety mifanohitra ataon'ny Fikambanana dia tsy hitondra soso-panovana na handingana ny fepetrarehetra ao aminy, raha toa izany soso-panovana famelana handingana fepetra izany, ka mety hisy fiantraikany eo amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa, araky ny hevitry ny Fikambanana

Sokajy 1.08 : Ny « Habetsaham-bola nekena » natolotra tao amin'ny paragrafy 1© amin'ny Tovona 5 ao amin'ny Fifanarahana momba ny

Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, araka izao, dia ampitomboina 1.500.000 $ hatramin'ny 3.000.000 $

**ANDININY 2**

Vaninandro mampanan-kery - Fitsaharana

Sokajy 2.01 : Izao Fifanekena momba ny Soso-panovana izao dia tsy hanan-kery raha tsy misy porofo mahafa-po ny Fikambanana sy manana azy fa ny fanatanterahana sy ny fanolorana ity Fifanekena momba ny soso-panovana amin'ny anaran'ny Mpisambotra ity, dia tsy maintsy ankatoavina sy lanian'izay rehetra fihetsiketsehana ilaina ataon'ny Governemanta

Sokajy 2.02 : Hoporofo aroso araka ny Sokakjy 2.01 amin'izao Fikanekena izao, dia homena ny Fikambanana ny hevitra iray na maromaro mahafapo azy na fanehoan-kevitra izay azony ekena ary manondro, amin'ny anaran'ny Mpisambo-bola, fa izao Fifanekena momba ny soso-panovana izao dia nankatoavina na nolaniana, nitanterahina ary natolotra amin'ny anaran'ny Mpisambotra, ary mifanaraka amin'ny hevitry ny teny ao

Sokajy 2.03 : Izao Fifanekena momba ny soso-panovana izao dia hanankery sy hisy fiantraikany amin'ny vaninandro izany handefasan'ny Fikambanana any amin'ny Mpisambotra fampahafantarana ny fanekeny ny porofo takian'ny Sokajy 2.01 amin'izao Fifanekena momba ny soso-panovana izao

Sokajy 2.04 - Raha toa ity Fifanekena soso-panovàna ity ka tsy manan-kery sy tsy ampiharina amin'ny fe-potoana sivifolo (90) andro aorian'ny vaninandro entin'izao Fifanekena soso-panovana izao, ity farany ity ary koa ny adidy aman'andraikitry ny andaniny sy ankilany rehetra, manaraka etoana, dia hitsahatra, afatsy raha hoe ny Fikambanana manome vaninandro aty aoriana araka ny voalazan'io sokajy io Raha toa ity Fifanekena soso-panovana ity ka mitsahatra araka ny voalazan'ny fepetra ao amin'io Sokajy io, ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia hijanona ho manan-kery sy hampiharina hatrany, na dia tsy notanterahina aza ny Fifanekena soso-panovana

NOHO IZANY, ny andaniny sy ankilany manaraka etoana, miasa amin'ny alalan'ny solontenany nankatoavina ara-dalàna, dia nampanao sonia izao Fifanekena soso-panovàna izao amin'ny anarany avy tao ___________, ny andro sy taona voalaza etsy aloha tany am-boalohany.

NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Avy amin'ny

**Solontena Nankatoavina**

NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

**Avy amin'ny**

Solontena Nankatoavina

**TOVANA 1**

**FANDAHARANASA 1**

Fisintonana ny habetsahan'ny Fampisamboram-bola

| | Habetsahan'ny Fampisamboram-bola amin'ny Famatsiam-bola ( mitovy amin'ny DTS) | | |
|---|---|---|---|
| Sokajin'ny Fandaniana | Fampisamboram-bola tany am-boalohany | Fampisamboram-bola fanampiny | % amin'ny fandaniana amin'ny famatsiam-bola |
| 1) Asan'ny Génie Civil | 6.641.600 | 836.000 | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 85 % amin'ny vola eto an-toerana |
| 2) Kojakoja sy fananana | 7.396.700 | 2.788.000 | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 85 % amin'ny vola eto an-toerana |
| 3) Fanafody, famonoana bibikely ary lay | 3.153.900 | 3.362.000 | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 85 % amin'ny vola eto an-toerana |
| 4)Asan'ny Consultants, fanofanana ary audits | 6.825.300 | 1.689.000 | 100 % amin'ny fampisamboram-bola tany am-boalohany, 85 % amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 75 % amin'ny vola eto an-toerana ho an'ny asan'ny consultants sy ny audits, ary 100 % ho an'ny fanofanana amin'ny fampisamboram-bola fanampiny |
| 5 ) Saran'ny fampandehanan-draharaha | 4.982.500 | 836.000 | 85 % amin'ny vola eto an-toerana |
| 6 ) Saran'ny fampandehan-draharaha any amin'ny Faritra sy ny Distrika | | 2.789.000 | 85 % amin'ny vola eto an-toerana |
| TOTAL | 29.000.000 | 12.300.000 | |

***Traduction non officielle du texte anglais original***
***Qui seul fait foi***

Département Légal
Avant-projet confidentiel
(Sous réserve de changement)
R. Soopramanien/J.C. de Darwar
20 Mai 2005

CREDIT N°3302-1-MAG
(Amendement)

CONVENTION D'AMENDEMENT A
L'ACCORD DE CREDIT AU DEVELOPPEMENT

(Second Projet d'Appui au Secteur de la Santé - CRESAN-2 )

Entre

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

ET

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE POUR LE DEVELOPPEMENT

En date du ______________ 2005

CREDIT N°3302-1-MAG
(Amendement)

CONVENTION D'AMENDEMENT A L'ACCORD DE CREDIT AU DEVELOPPEMENT

CONVENTION , en date du ____________2005 entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR (l'Emprunteur) et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE POUR LE DEVELOPPEMENT (l'Association)

ATTENDU QUE

(A) l'Emprunteur et l'Association ont conclu un Accord de Crédit au Développement (Second Projet d'Appui au Secteur de la Santé, Crédit n°3302-MAG), en date du 03 Février 2000 ( l'Accord de Crédit au Développement), afin de fournir une assistance dans l'accomplissement du Second Projet d'Appui au Secteur de la Santé, comme il est décrit dans la Rédaction de l'Accord de Crédit au Développement (le Projet) ;

(B) l'Emprunteur a demandé à l'Association de fournir en outre une assistance additionnelle pour soutenir le Projet en augmentant le montant mis à disposition selon l'Accord de Crédit au Développement par une somme en diverses monnaies équivalant à douze millions trois cents mille Droits de Tirage Spéciaux (12.300.000 de DTS) ; et

ATTENDU QUE l'Association a consenti, sur la base, entre autres, de ce qui précède, à fournir cette assistance additionnelle à l'Emprunteur selon les termes et les conditions de la présente Convention ;

PAR CES MOTIFS les parties, ci-après, par la présente, se sont convenues de ce qui suit :

**ARTICLE 1**

Les amendements à l'Accord de Crédit au Développement

Section 1.01 - La Section 1.02 de l'Accord de Crédit au Développement est amendée :

**(a)** en insérant dans leur ordre alphabétique respectif les paragraphes (a), (d), (i) et (o) suivants ; les paragraphes (a) et (b), (c) à (f), (g) à (k) et (l) à (p) existants étant re-numérotés en conséquence comme étant les paragraphes (b) et (c), (e) à (h), (j) à (n), et (p) à (t), respectivement :

(a) « Convention d'amendement » signifie convention qui amende l'Accord de Crédit au Développement (Projet d'Appui au Secteur de la Santé 2) entre l'Emprunteur et l'Association, en date du ____________ ;

(d) « District » se réfère à une subdivision administrative du territoire de l'Emprunteur ;

(i) « Plan des Déchets Médicaux » signifie plan pour les déchets médicaux, de Mars 2002, élaboré par l'Emprunteur et donnant les détails des mesures jugées nécessaires ou appropriées pour assurer le traitement sans danger des déchets médicaux selon le Projet ;

(o) « Région » signifie une subdivision administrative du territoire de l'Emprunteur ;

**(b)** qui amende le paragraphe (n) re-numéroté de celui-ci à lire comme suit :

(n) « Manuel pour la Mise en œuvre du Projet/MMP» se réfère au manuel qui décrit les procédures de rapport et de suivi du Projet, les plans et autres dispositions de mise en œuvre (y compris les dispositions pour acquisition et décaissement) et qui spécifie les indicateurs de performance à utiliser pour l'évaluation des progrès enregistrés dans l'accomplissement du Projet, comme celui-là même peut être amendé de temps en temps, et cette condition inclut tous les programmes et accords additionnels au Manuel pour la Mise en œuvre du Projet ;

Section 1.02 - La Section 2.01 de l'Accord de Crédit au Développement est amendée et à lire comme suit :

Section 2.01 - L'Association accepte de prêter à l'Emprunteur, selon les termes et les conditions présentés ou ceux dont il s'agit dans l'Accord de Crédit au Développement, une somme en diverses monnaies équivalant à quarante et un millions trois cents mille Droits de Tirage Spéciaux (41.300.000 DTS) (le Crédit), qui inclut : (a) un montant original en diverses monnaies équivalant à vingt neuf millions Droits de Tirage Spéciaux (29.000.000 DTS) (le Financement Initial) ; et (b) un montant additionnel en diverses monnaies équivalant à douze millions trois cents mille Droits de Tirage Spéciaux (12.300.000 DTS) (le Financement Additionnel).

Section 1.03 - Une clause conditionnelle est ajoutée à la fin de la Section 2.04 (b) (i) de l'Accord de Crédit au Développement, à lire comme suit :

à condition toutefois que les droits d'engagement sur le Financement Additionnel se soient accumulés à partir d'une date de soixante (60) jours après la date de la Convention d'Amendement ;

Section 1.04 - Section 2.07 (a) de l'Accord de Crédit au Développement sera amendée à lire comme suit :

Section 2.07. (a) - Sous réserve des paragraphes (b) et (c) ci-dessous, l'Emprunteur repayera la somme principale du Crédit comme suit :

(i) pour le Financement Initial, en versements semi-annuels payables chaque 1er Avril et 1er Octobre, à commencer au 1er Avril 2010 pour se terminer au 1er Octobre 2039. Chaque versement au, et incluant le versement payable le 1er Octobre 2019, sera de un pour cent (1%) de cette somme principale, et chaque versement par la suite sera de deux pour cent (2%) de cette somme principale ; et

(ii) pour le Financement Additionnel, en versements semi-annuels payables chaque 1er Avril et 1er Octobre, à commencer le 1er Octobre 2015 pour se terminer le 1er Avril 2045. Chaque versement au et incluant le versement payable le 1 er Avril 2025, sera de un pour cent (1%) de cette somme principale, et chaque versement par la suite sera de deux pour cent (2%) de cette somme principale.

Section 1.05 - L'Annexe 1 de l'Accord de Crédit au Développement est révisée par la présente :

(a) en amendant le tableau du paragraphe 1 de celui-ci à lire comme il est énoncé à l'Annexe 1 de la présente Convention d'Amendement ;

(b) en insérant dans son ordre alphabétique approprié, dans le paragraphe 2 de celle-ci, un nouveau paragraphe (e) à lire comme suit :

(e) le terme « Charges Opérationnelles de la Région et du District» signifie « charges opérationnelles encourues par, ou au nom d'une Région ou d'un District ».

Section 1.06. L'Annexe 3 à l'Accord de Crédit au Développement est amendée par l'amendement du paragraphe 6 de la Partie C de la Section 1 de celle-ci à lire comme suit :

6. Acquisition à travers les Agences Onusiennes

Les médicaments, consommables, insecticides, véhicules et matériels évalués jusqu'à 10.000.000 $ équivalent en tout, peuvent être obtenus de

l' « UNIPAC », l' « IAPSO », le Fonds des Nations Unies pour la Population ou l'OMS ; et les aliments infantiles, estimés dans l'ensemble à 670.000 $, peuvent être obtenus de par l'UNICEF ; le tout en conformité avec les dispositions du paragraphe 3.9 des Directives.

Section 1.07 - L'Annexe 4 de l'Accord de Crédit au Développement est modifiée par l'amendement du paragraphe 1 de celle-ci, à lire comme suit :

1. L'Emprunteur exécutera le Projet en conformité avec les procédures présentées dans le MMP et le Plan des Déchets Médicaux et, sauf accord contraire éventuel de l'Association, n'amendera ni dérogera à toute disposition de celui-ci, si cet amendement de dérogation peut, selon l'Association, sensiblement affecter la mise en œuvre du Projet.

Section 1.08 - Le « Montant Autorisé » présenté dans le paragraphe 1 (c) de l'Annexe 5 de l'Accord de Crédit au Développement est, par la présente, augmenté de 1.500.000 $ à 3.000.000 $.

**ARTICLE 2**
Date d'entrée en vigueur - Cessation

Section 2.01 - La présente Convention d'Amendement n'entrera pas en vigueur sans preuve donnant satisfaction à l'Association et à lui fournir que l'exécution et la remise de cette Convention d'Amendement au nom de l'Emprunteur ont été dûment agréées ou ratifiées par toute action gouvernementale nécessaire.

Section 2.02 - Comme preuve à fournir conformément à la Section 2.01 de la présente Convention, il sera fourni à l'Association une ou des opinions lui donnant satisfaction ou un avis qui lui est acceptable et qui montre, au nom de l'Emprunteur, que la présente Convention d'Amendement a été dûment agréée ou ratifiée par, exécutée et remise au nom de l'Emprunteur et, en accord avec ses termes, engage légalement l'Emprunteur.

Section 2.03 - La présente Convention d'Amendement entrera en vigueur et prendra effet à la date où l'Association envoie à l'Emprunteur une notification de son acceptation de la preuve requise par la Section 2.01 de cette Convention d'Amendement.

Section 2.04 - Si la présente Convention d'Amendement n'entre pas en vigueur et ne prend pas effet pour une date de quatre vingt dix (90) jours après la date de cette Convention d'Amendement, cette dernière ainsi que toutes les obligations des parties, ci-après, cesseront, à moins que l'Association n'établisse une date ultérieure aux fins de cette Section. Si la présente Convention

d'Amendement cesse selon les dispositions de cette Section, l'Accord de Crédit au Développement restera en vigueur et prendra toujours effet, même si la Convention d'Amendement n'a pu être mise à exécution.

EN FOI DE QUOI, les parties, ci-après, agissant de par leurs représentants dûment agréés, ont fait faire signer la présente Convention d'Amendement en leurs noms respectifs à                    , le jour et l'année mentionnés précédemment au début.

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Par

Représentant Agréé

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE POUR LE DEVELOPPEMENT

Par

Représentant Agréé

**ANNEXE 1**

**PROGRAMME 1**

Retraits des Montants de Crédit

| | Montant des Crédits de Financement (en équivalent DTS) | | |
|---|---|---|---|
| Catégorie des dépenses | Crédit initial | Crédit supplémentaire | % des dépenses de financement |
| 1) Travaux de Génie Civil | 6.6<br>41.600 | 83<br>6.000 | 100% des dépenses en devises et 85% en monnaie locales |
| 2) Fournitures et Biens | 7.3<br>96.700 | 2.7<br>88.000 | 100% des dépenses en devises et 85% en monnaie locales |
| 3) Médicaments, insecticides et moustiquaires | 3.1<br>53.900 | 3.3<br>62.000 | 100% des dépenses en devises et 85% en monnaie locales |
| 4) Services de Consultants, formation et audits | 6.8<br>25.300 | 1.6<br>89.000 | 100% sur le crédit initial, 85% des dépenses en devises et 75% en monnaie locale pour les services de consultants et les audits, et 100% pour la formation pour le crédit supplémentaire |
| 5) Frais de fonctionnement | 4.9<br>82.500 | 83<br>6.000 | 85% en monnaie locale |
| 6) Frais de fonctionnement des Régions et des Districts | | 2.7<br>89.000 | 85% en monnaie locale |

| | | | |
|---|---|---|---|
| TOTAL | 29.<br>000.000 | 12.<br>300.000 | |